

【FAQ sur le programme des bourses d'études au Japon l'année universitaire 2022】

Q1: Quelles sont les filières disponibles dans ces programmes ?

R1: Les programmes comprennent :

- "**Research program**" pour les titulaires du diplôme de licence minimum pour toutes les filières existantes dans les universités japonaises.
- "**Undergraduate program**" pour les bacheliers dont les filières comprennent les Sciences humaines et sociales et scientifiques.
- "**Spécialized training program**" pour les bacheliers désirant suivre des formations professionnalisantes dans les domaines de la technologie, soins et nutrition, éducation et bien-être, commerce, couture et formation ménagères, culture et éducation.
- "**College of Technology program**" pour les bacheliers désirant étudier la génie mécanique, électronique et électricité, informatique et communication réseaux, génie des matériaux, architecture, génie civil, génie maritime et autres.

Q2: Doit-on prévoir un certain montant d'argent pour postuler à ces programmes ?

R2: Le dépôt de candidature et les examens sont gratuits, les frais divers relatifs à la préparation des documents pour la constitution des dossiers sont à la charge du candidat (droits chargés par l'université, photocopies, analyse médicale, etc). En cas de réussite, le visa et le transport par avion de l'aéroport d'Antananarivo jusqu'au Japon et les bourses mensuelles sont à la charge de MEXT. (Si un candidat n'a pas de passeport, la préparation du passeport est à la charge du candidat.)

Q3: Quel est le montant de la bourse ?

R3: Environ 3 500 000 Ariary par mois pour le bachelier et 4 500 000 Ariary par mois pour le programme de recherche jusqu'à la fin des études. Toutefois il faut noter que la bourse n'est perçue qu'après un mois de l'arrivée au Japon, chaque candidat doit donc se préparer financièrement pour le premier mois, au minimum 2000 USD selon le conseil de MEXT. Toutefois, en cas de mise en quarantaine à cause du coronavirus, les frais d'hôtel et nourriture ne sont pas pris en charge.

Q4: Quelles sont les langues de travail pour ces programmes ?

R4: L'anglais et le japonais.

Q5: Est-ce que la connaissance de la langue japonaise est obligatoire pour pouvoir postuler à ces programmes ?

R5: La connaissance de la langue japonaise est un atout majeur pendant le concours. Chaque année, 75% des postulants possèdent des connaissances en langue japonaise, il est donc fortement conseillé d'apprendre la langue japonaise pour avoir plus de chance.

Q6: Si on a déjà postulé à ces programmes auparavant mais n'a pas réussi, est-ce qu'on pourrait encore déposer sa candidature ?

R6: Si le candidat remplit encore les conditions nécessaires, tels que la limite d'âge ou l'état de santé par exemple, il pourra encore déposer sa candidature.

Q7: Est-ce que les personnes handicapées peuvent participer à ces programmes ?

R7: L'handicap physique n'est pas un obstacle si la personne est autonome et n'a besoin d'assistance pour effectuer les tâches quotidiennes de la vie de tous les jours.

Presque tous les détails concernant chaque programme sont expliqués dans le "Program Guideline" à télécharger avec les formulaires d'application. Si vous avez d'autres questions qui ne figurent pas dans le "Program Guideline" ou sur ce FAQ, nous vous invitons de les poser ici pour l'intérêt de tout le monde.

[FMP(Fanontaniana Mateti-Pihavy) mahakasika ireo vatsimpianarana makany Japana ho an'ny taona2020]

F1: Inona avy ny sapam-pianarana misy?

V1: Ireto avy no misy isaky ny tolotra:

- "**Research program**" ho an'ireo manana mari-pahaizana licence Fara-fahakeliny ary mety ho an'ny sapam-pianarana rehetra raha mbola misy any amin'ireo oniversite Japoney.
- "**Undergraduate program**" ho an'ireo manana mari-pahaizana Bakalorea kosa dia misy ny Siansa maha-olona sy ara-tsosialy ary siantifika.
- "**Spécialized Training program**" ho an'ireo manana ny mari-pahaizana Bakalorea te hanaraka fiofanana arak'asa eo amin'ny sehatry ny teknolojia, fiahiana ara-pahasalamana sy ara-tsakafo, fanabeazana sy fanatsarana ny maha-olona, varotra, zaitra sy fiofanana ara-tokatrano, kolontsaina sy fanabeazana.

- "College of Technology program" ho an'ireo manana ny mari-pahaizana Bakalorea maniry ny handalina ny mekanika avo lenta, elekitronika sy herin'aratra, solosaina sy fifandraisana ara-tambazotra, fandalinana momban'ny akora fanorenana, mari-trano, Asa fanorenana foto-drafitrasa, sy taranja hafa koa.

F2: Mila miomana ara-bola ve raha handray anjara amin'ireo fanadinana ireo?

V2: Ny fametrahana ny antontan-taratasy dia maimaim-poana. Ny fandaniana mahakasika ny fikarakarana ny antontan-taratasy rehetra kosa dia anjaran'ny miafina (Toy ny sarany alain'ny oniversite nihaviana, ny fanaovana dika mitovy, ny fitiliana ara-pahasalamana). Raha toa kosa ka tafita soa aman-tsara dia hiantohany MEXT avokoa na ny fahazoan-dalana hiditra any Japana, ny saran'ny fiaramanidina miala eo amin'ny seranam-piaramanidina Ivato ka hatrany Japana ary ny vatsim-pianarana isam-bolana.(Ny saran'ny fikarakarana ny pasipaoro kosa dia anjaran'ny mpianatra).

F3: Ohatrinona eo ny vatsim-pianarana raisina?

V3: eo ho eo amin' ny 3 500 000 Ariary isam-bolana eo ho an'ireo sokajy bakalorea ary 4 500 000 Ariary isam-bolana kosa ho an'ireo mpianatra mpikaroka, ary izany dia mandram-pahatapitry ny fianarana. Tsara anefa ny manamarika fa ny vatsim-pianarana dia raisina afaka 1 volana ahatongavana any Japana, noho izany ireo mpiadina tafita hatramin'ny farany dia mila miomana ara-bola hivelomany mandra-pahatongan'izay. 2000 USD eo araky ny torohevitra ny MEXT. Ankoatran'izay, raha sanatria ka tsy maintsy hisy ny fitokana-monina nohon'ny coronavirus, dia anjaran'ny mpianatra koa ny miantoka ny fihibohany any amin'ny trano fandraisam-bahiny sy ny sakafony.

F4: Inona no tenim-pirenena hampiasaina amin'ireo tolotra ireo ?

V4: Anglisy sy japoney

F5: Tena ilaina ve ny fahaizana teny Japoney raha handray anjara amin'ireo tolotra ireo?

V5: Tombony be ao anatin'ny fisafidianana ireo mpiadina ny fahaizana teny Japoney. Isan-taona dia ny 75% ny mpiadina dia saika mahay teny Japoney avokoa, noho izany dia hamporosihinay kokoa ny fianarana teny Japoney ho an'ny mpiadina rehetra mba hampitombo ny vitany.

F6: Raha efa nandray anjara teo aloha kanefa tsy afaka tamin'ireo fifaninana, mbola afaka mamerina ve ?

V6: Raha toa ka mbola mahafeno ireo fepetra takiana, toy ny resaka taona na fahasalamana ohatra, dia mbola afaka mamerina foana.

F7: Afaka mandray anjara ve ny olona manana fahasembanana ara-batana?

V7: Tsy sakana ny fahasembanana ara-batana raha toa ka tsy mila fanampian'olon-kafa ilay mpianatra vao afaka manantanteraka ny zavatra rehetra ilaina eo amin'ny fiainana an-davan'andro.

Saika voavaly ao amin'ilay "**Program Guideline**" avokoa ny fanontaniana rehetra mahakasika ny vatsim-pianarana tsirairay, izay azo alaina miaraka amin'ireo antontan-taratasy ilaina rehetra. Raha toa anefa ka misy fanontaniana mety tsy voavaly ao na eto amin'ireo FMP (Fanontaniana Mateti-Pihavy), dia azonareo apetraka eto mba ho tombotsoa ho an'ny rehetra.

FIN